



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivaviana - Tenindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-7

**LANONAM-PAMARANANA NY FOTOAM-PIVORIANA MANOKAN'NY
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2019**

Fivoriana faha-7
Natao ny
Alarobia 24 Jolay 2019
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa ANGELE Solange
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Alarobia 24 Jolay 2019 tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-pamaranana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2019.

- Lakolosy -

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Miarahaba antsika tonga manatrika ny lanonam-pamaranana ny fivoriana manokan'ny Antenimierampirenena, taona 2019, izao.

langaviana ampanajana ianao, Ramatoa Mpitantsoratra, hamaky ny andininy faha-78, andalana voalohany sy farany ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny didim-panjakana laharaha faha-2019-1409 tamin'ny faha-23 Jolay 2019 mamarana izao fotoam-pivoriana izao.

Omena anao ny fitenenana, Ramatoa Mpitantsoratra.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-78, andalana voalohany sy farany ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny didim-panjakana laharana faha-2019-1409-

Ramatoa ANGELE Solange

Andininy 78, andalana voalohany sy farany ao amin'ny Lalàmpanorenana: Manao fivoriana manokana avy hatrany ny Antenimierampirenena ny Talata faharoa manaraka ny fanambarana ny vokatry ny fifidianana azy mba hananganana ny biraony sy ny fanamboarana ny vaomiera.

Mifarana ny fivoriana raha vao tapitra ny lahadinika.

Didim-panjakana laharana faha-2019-1409 "portant clôture de la Session Spéciale de l'Assemblée Nationale".

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

Vu la Constitution,

Vu le décret n°2019-1407 du 19 Juillet 2019 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement;

Vu le décret n°2019-1397 du 18 Juillet 2019 portant acceptation de la démission du Gouvernement et le chargeant d'assurer l'expédition des affaires courantes jusqu'à la formation d'un nouveau Gouvernement;

Vu le décret n°2019-1312 du 3 Juillet 2019 portant convocation de l'Assemblée Nationale en Session Spéciale;
Vu l'Arrêt n°45-HCC/AR du 2 Juillet 2019 portant proclamation des résultats officiels des élections législatives du 27 Mai 2019;

DECRETE:

Article premier.- La session spéciale de l'Assemblée Nationale est déclarée clôturée le 24 Juillet 2019 à 11 heures.

Article 2.- En raison de l'urgence et conformément aux dispositions des articles 4 et 6 de l'ordonnance n°62-041 du 19 Septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre immédiatement en vigueur dès sa publication par voie radiodiffusée, télévisée ou par affichage, indépendamment de son insertion au Journal Officiel de la République.

Article 3.- Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre de l'Intérieur et de la Décentralisation et le Ministre de la Communication et de la Culture sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret.

Fait à Antananarivo, le 23 Juillet 2019

Ramatoa FILOHA

Misaotra anao, Ramatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana ireo andinin-dalàna ireo.

- 3 -

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Andriamatoa Filohan'ny Komity Fampihavanana Malagasy,
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna,
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahny ny Zon'Olombelona,
Andriamatoa sy Ramatoa Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny Antenimierampirenena,
Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara namana hajaina,
Andriamatoa Talen'ny Kabinetran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Fifidianana,
Ianareo olo-manan-kaja Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana,
Ianareo Mpandraharaha namana, mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena,
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ny andraso andraso, hono, mahariva ny andro, ary ny tongo-dava ahitan-kanina.
Koa tsy hisonenika an-toerana isika, na hitsilailay be raharaha; fa ny vita isaorana ary ny sisa manaraka ihany, hoy ny kabarin-dRainisalama.

Isika Solombavambahoaka efa samy nifanatri-tava daholo, ka vita ny antsika ny arahaba, fa ianareo vahiny manan-kaja nasaina ka tonga manome voninahitra an'izao fotoana izao dia atao toy ny fiteny manao hoe "voly vary tsara andro izy ity; ka ny arahaba nafafy hitsimoka ary ny fisaorana havaina hamololona mba ho zina ny taona sy ny fiarahana rehetra".

Nisokatra tamin'ny Talata 16 Jolay 2019, teo ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena ary izao faranana androany Alarobia 24 Jolay 2019 izao indray; rehefa vita sy tontosa ny asa izay natao.

Voahaja tanteraka ny voalazan'ny Andininy faha-74 sy faha-78 ao amin'ny Lalàmpanorenana ary ny Andininy faha-12 sy faha-13 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Mahasahy milaza aho fa tanteraka antsakany sy ny andavany daholo ny fandaharam-potoana teto; nizotra tamim-pirahalalina ireo fifanakalozan-kevitra nisy teto amintsika Solombavambahoaka. Araka izany, vita soa aman-tsara ny fifidianana ny Birao Maharitra sy ny fananganana ny Vaomiera Maharitra teto anivon'ity Antenimierampirenena ity ary arahabaina manokana isika Solombavambahoaka nampiseho fahamatorana sy ny mahaolom-pirenena mendrika antsika rehetra. Tsy andry teto ny andro maraina, fa vao maizim-bava ny vilany dia efa niainga tany amin'izay nisy azy avy ny Solombavambahoaka, fa havoriana narahin'asa ny tato ka mila vita soa ny anarany. Arahabaina isika rehetra amin'izany.

Eto ny tenako dia mbola mamerina indray izany fankasitrahana anareo Solombavambahoaka iray manontolo izany tamin'ny nametrahanareo fitokisana tamiko hitantana ity Andrimpanjakàna ity. Miarahaba manokana koa anareo namana voafidy ho Filoha Lefitra, Kestora ary Mpampakateny mpikambana ato amin'ny Birao Maharitra. Tsy latsa-danja amin'izany ianareo Filohan'ny Vaomiera Maharitra izay azo lazaina fa andry iankinan'ny asa fanaovan-dalàna sy fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta ary ireo toman'ezaka samihafa amin'ny Politikam-panjakana ankapobeny izay tokony hataontsika.

Kitro amaharana izany ianareo Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena satria adidy sy asa mavesan-danja ary lehibe no miandry anareo.

Tsy hekentsika ny tandrevaka amin'ny fanatontosana ny asa, fa haneho mandrakariva ny fahavonantsika, ka ho tonga mavitrika hitantana an'izany "Commissions" izany satria ny antsika ny tanjona dia hampiakatra avo an'ity Antenimierampirenena ity.

Amin'ny maha Filoha ahy sy amin'ny maha Raiamandreny rahateo koa dia mitsodrano anareo ny tenako hahatontosa an'izany adidy apetraka hiantSOROHANAREO ireo. Koa raha hanao ianareo, ho maro mpandrisika; raha hahavita, ho maro mpitehaka ary raha sendra reraka ho maro ny mpampahery anareo.

Mbola hisy ny fotoana hitafatafantsika miaraka mikasika ireo fomba fiasa vaovao sy ny tetikady entina hanatsarana ity fotoam-panaovan-dalàna ato amin'ity Lapan'ny Demokrasia ity. Io mantsy no tonga amin'ny fitenena hoe: "hatao voatra tranon-dandy, ka ao anatin'ny no manatsara azy". Eo ny ekipa teknika ato amin'ny Antenimierampirenena hanampy sy hanatrika antsika amin'ny fandrafetantsika ny lalàna satria maniry koa raha maniry, mba hisy lalàna mivoaka avy amin'izao Antenimierampirenena maha Solombavambahoaka antsika izao.

Eo ihany koa ny asa amin'ireo lalàna izay atolotra ho antsika avy any amin'ny Governemanta; aza manahy ianareo Solombavambahoaka izay Filohan'ny Vaomiera na mpikambana, fa ao hoy aho teo ny ekipa teknika manatrika ny asantsika, handravona sy hanatsara azy.

Tsy izany ihany no vita fa arak'ireny efa niarahan'ny rehetra nahalala ireny dia tontosa soa aman-tsara koa ny fanolorana ny volavolan'anan'izay ho Praiminisitra avy amin'ny vondron'Antoko maro an'isa eto amin'ny Antenimierampirenena, ka nampiharantsika ny andininy faha-54 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay iainantsika hatramin'izao. Efa vita ny safidin'ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA mikasika izany ary efa voatendry soa aman-tsara ny Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta, koa averintsika ihany ny fiarahabana azy. Miandry ampitoniana isika amin'izay ho mpikambana ao anatin'ny Governemanta izay nanaovan'ny

Solombavambahoaka fanolorana ihany koa sy ny faniriana mba ho anisan'ny mpiakambana ao amin'ny Governemanta ny hotsongaina avy ato amintsika.

Andriamatoa Praiminisitra moa tsy eto, fa mampita hafatra any aminy manao hoe: “iray maka bahana, roa maka fiomanana, telo dia lasa” hoy ny fiatombohan-kazakazaka izay. Intelo tokoa mantsy izy izay no nomem-pitokisana amin'io andraikitra io ka “tsy zanak'omby hampianarin-domano” intsony, fa ny efa za-draharaha. Koa inoako fa hijoro amin'izay teny rehetra nifanomezana isika ary miandry ny fanapahan-keviny izay fanapahan-kevitra tao anaty fisainana lalina, saina matsilo ary hampisy fitoniana sy fifandajana.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Izay Governemanta hiseho eo dia harahabaintsika ary hotsofintsika rano. Koa izany rehetra izany no asa vitan'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara tao anatin'ny fotoana fohy, koa ankasitrahana manokana, Tompoko, isika rehetra nahavita niatrika ny adidy tamim-pahamendrehana, nanjakan'ny filaminana sy fifanjàna tanteraka.

Raha ety ampiandohana no efa tahak'izao dia mahavelom-bolo ary azo antenaina fa ho feno fahamatorana ity Andrimpanjakana ity.

Mamelà ahy ianareo hanao ohabolana avy amin'ny fiteny any Atsimo any manao hoe: “hanao raha ilay trandraka fa vao sokona koa dia efa matsilolotsilo”.

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Mialohan'ny hamaranana ny lahateny dia tsy mandry ny saina amin'ny mahampitondra eto amin'ny tany sy ny Firenena raha tsy haneho fiaraha-miombon'alahelo amin'ireo mpiray tanindrazana amintsika ao amin'ny renivohitry ny Faritanin'i Toamasina; arak'ireny niarahanahalala ireny mantsy dia kila forehitra ny Tsena ao Bazarikely tamin'ny Asabotsy teo. Herim-po sy herin-tsaina ary zava-nohariana tao anatin'ny taona maro no lasa lavenona tamin'izany. Koa amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka rehetra sy ny tenako manokana dia mankahery manokana ireo tra-boina ary mampiseho ny firaisan-kina amin'ireo Solombavambahoaka mianadahy voafidy ao amin'ny Tanànan'i Toamasina.

Manambara etoana koa ny tenako amin'ny maha Filohan'Antenimierampirenena sy amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka rehetra dia handray anjara amin'ny voin-kava-mahatratra ho an'ireo havantsika traboina ireo.

Isaorana etoana ny Fitondram-panjakana sy ny Governemanta izay efa tany an-toerana ary efa nanolotra izay voatsiramin'ny tànana.

Eto ampamaranana, raha aravona ny teny dia zavatra roa no azo tsoahina: fantatra fa manana fomba fiasa haingana isika sy ny Mpanatanteraka izay tarihin'ny Filohan'ny Repoblika ankehitriny. Miezaka ny tsy ho tara koa anefa ny Antenimierampirenena ary manaraka io fomba fiasa io ary vavolombelona manamarina izany ireo asa vita sahady tao anatin'ny fotoana fohy, voatanisa tetsy aloha.

“Ny filanton'ny tanany ihany, no famindran'ny tongony”. Hiezaka hatrany isika hanaja ny fitsipika mifehy ny fisaraham-pahefana na “principes de séparation des pouvoirs” sady hitandro ny fitoniana ara-politika satria izany no takian'ny politika-pampandrosoana.

Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana ho anareo vahiny manan-kaja izay tonga nanome haja sy voninahitra izao fotoana izao.

Misaotra ny Solombavambahoaka rehetra ary mirary soa antsika rehetra ho tonga soa aman-tsara any amin'ny tanindrazantsika na izay toerana niaviantsika, mba tsy ho azon-tsampona fa ho tantanin'Andriamanitra.

Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.
Samia ho tahin'Andriamanitra, Tompoko.

- 4 -

- Fifaranan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Mbola tsy fantatra fa mety hisy fivoriana tsy ara-potoana hangatahan'ny Governemanta, koa mila miomakomana isika momba izany.

Ambarako fa mifarana amin'ny fomba ofisialy anio Alarobia 24 Jolay 2019 ny fotoam-pivoriana manokana natao teto amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona